

Date Printed: 04/21/2009

JTS Box Number: IFES_65
Tab Number: 139
Document Title: Toro-Lalana ho an' ny
Document Date: n.d.
Document Country: Madagascar
Document Language: Malagasy
IFES ID: CE00977



* F 6 5 B 3 E 6 9 - 1 D 8 6 - 4 0 A 6 - B E E D - 8 3 8 8 D C C 7 0 7 A A *

50, Lâlana Joël Rakotomalala
 FARAVOHITRA
 101 ANTANANARIVO
 TÉL : 272-45




TORO-LALANA

ho an' ny



MPANARA-MASO

NY FIFIDIANANA



Fanolorana

Natao indrindra ity toro-lalana ity ho fanampin'ny fitaovana ampiasain'izay rehetra hanara-maso ny fifidianana.

Ilaina tokoa mantsy ny mahafantatra ireo toro-marika voafaritry ny lalàna mba ahazoana manao ny fanarahamaso ny fifidianana amin'ny fomba tsy mitanila, izany hoe tsy miandany amin'ny atsy na amin'ny aroa.

Hanampiana ny mpanara-maso ny fifidiana-na hanao ny asany araka ny lamina sy ny lalàna manankery ifampifehezan'ny rehetra àry ity toro-làlana ity no ho fitaovana entina indrindra ijoroana amin'ny "marina" mba tsy hisian 'ny mizana tsindriana ila.

Mitaky fahasahiana hilaza ny tena marina amin'ny fotoana rehetra na inona mety ho vokatr'izany na inona, ny asan'ny mpanaramaso ny fifidianana mba ho malalaka ny safidim-bahoaka, no mba ny tena ny heviny tokoa no hivoitra amin'ny alalan'ny fifidianana madio sy demokratika ataony.

Koa hirakitra ny fepetra tsara ho fantatra mikasika ireo toe-javatra tsy maintsy atrehina mialoha ny andro andatsaham-bato sy mandritra ny latsa-bato rehetra ary aorian'ny fahavitan'izany,ny tapany voalohany amin'ity toromarika ity. Ny tapany faharoa kosa dia ahitantsika ireo fitrangan-javatra miendrika olana fahita mandritra ireo vanim-potoana telo ireo sy ny fepetra tokony ho raisin'ny tsirairay indrindra fa ny mpanara-maso ny fifidianana manoloana izany.

ALOHAN'NY ANDRO FANDATSAHAM-BATO

LISITRY NY MPIFIDY

Ny olom-pirenena rehetra tokony hifidy dia tsy maintsy misoratra anarana any amin'ny fokontany izay onenany araka ny fanisana izay atao satria ny lisitry ny mpifidy no antoka voalohany iorenan'ny safidy malalaka sy azo antoka.

IZA AVY NO TSY MAINTSY VOASORATRA AO ANATY LISITRA ?

Ny olona rehetra feno 18 taona no miakatra, na lahy na vavy, tsy noverezin-jo, monina eo amin'ny Fokontany, mizaka ny zom-pirenena Malagasy.

IZA NO MAMOAKA NY LISITRA ARY RAHOVIANA ?

Ny filohan'ny delegasiona manokan'ny Fivondronam-pokontany no mamoka ny lisitry ny mpifidy ary cfatra (4) andro mialoha ny andro hanaovana ny fandatsaham-bato.

AIZA AVY NY HAMETRAHANA AZY ?

Amin'ny tocrana rehetra ilana azy :

- Fivondronam-pokontany
- Firaisam-pokontany
- Fokontany
- Biraom-pifidianana

...

Isan-taona dia avaozina io lisitry ny mpifidy io nefa rehefa tonga ny fotoam-pifidianana dia misy ny fanavaozana manokana io lisitra io, 48 ora (na roa andro) aorian'ny fiantsoana ny olom-pirenena hifidy, mba ialana amin'ny olona efa-nifindra monina, efa maty, ary anampiana ny anaran'ireo tonga taona amin'ny vaninandron'ny latsabato sy ireo vao niorim-ponenana. Io lisitra io dia alefan'ny filohan'ny CLS any amin'ny Firaisam-pokontany, izay mandefa azy any amin'ny Fivondronam-pokontany.

KARATRY NY MPIFIDY

Ireo olona rehetra voasoratra ao amin'ny lisitry ny mpifidy dia tsy maintsy manana kara-pifidianana mba ahazony mifidy (Mpifidy iray =Karatra iray)

IZA NO MANAO NY KARATRY NY MPIFIDY ?

Ny Filohan'ny Delegasiona manokan'ny Fivondronam-pokontany; afa tsy ny an'Antananarivo Renivohitra izay, ny Firaisampokontany no manamboatra izany.

IZA NO MIZARA NY KARATRY NY MPIFIDY ?

Ny filohan'ny Comité Local de Sécurité (C.L.S.) Fokontany.

AHOANA NO FOMBA FIZARANA NY KARATRY NY MPIFIDY ?

Omena ny mpifidy tsirairay rehefa avy nohamarininy ny maha izy azy ary manao sonia ny taratasy faharaisana. Tsy maintsy soniavin'ny tompony ny karatra vao azo ampiasaina.

INONA NO ATAO RAHA MISY FAHAVEREZAN'NY KARATRY NY MPIFIDY ?

Raha misy fahaverezan'ny karatry ny mpifidy dia tsy maintsy mampandre eo noho eo ihany ny filohan'ny CLS izay mampahafantatra izany ny filohan'ny Birao fandatsaham-bato voakasika mba hisakanana ny hosoka amin'ny fampiasana ilay karatra very, sady manome an'ilay mpifidy very karatra tapakila naharaisana ny fanambarana ny fahaverezana ahafahany mancho ny zony handatsa-bato.

RAHA TSY VITANY ARA-POTOANA NY FANAMBARANA FAHAVEREZAN' NY KARATRA DIA AHOANA NO ATAO ?

Raha tsy vita ara-potoana ny fanambarana fahaverezan'ny karatra ka tsy nahazo solony na tapakila ilay mpifidy dia ampy ho fanamarinana ny fampischoany taratasy milaza ny maha izy azy na ny fitondrany vavolombelona roa (2) monina ao amin'ny fokontany misy azy ary voasoratra anarana ao amin'ny lisitry ny mpifidy ka afaka manaporofa ny maha izy azy ireo koa, na fantatry ny mambra ao amin'ny birao fandatsaham-bato.

NY MPIKAMBANA AO AMIN'NY BIRAO FANDATSAHAM-BATO

Ireto avy ny mpikambana ao amin'ny Birao fandatsaham-bato

- Filoha iray
- Filoha lefitra iray
- Mpitantsoratra iray
- Mpitsara mpanampy (assesseurs) cfatra

Ny mpitantsoratra dia tsy manapa-kevitra

Mitondra karatra famantarana miloko MAITSO (verte) ny mpikambana ao amin'ny Birao fandatsaham-bato.

Ireo mpikambana ao amin'ny Birao fandatsaham-bato ireo dia mpifidy mahay manoratra sy mahay mamaky teny, voasoratra ao amin'ny lisitry ny mpifidy ao amin'ny Fokontany.

IZA NO MIFIDY IREO MPIKAMBANA AO AMIN'NY BIRAO FANDATSAHAM-BATO ?

Ny Filoha, filoha lefitra ary mpitan-tsoratra dia fidian'ny fivoriam-bem-pokonolona ary ankatoavin'ny Delegasiona Manokan' ny Fivondronam-pokontany, valo (8) andro ahay alohan' ny vaninandron' ny latsabato.

IZA NO MANENDRY NY MPITSARA MPANAMPY (ASSESEURS) ?

Ny Komity mpanohana ny ENY : roa (2).

Ny Komity mpanohana ny TSIA : roa (2).

IZA NO MANENDRY NY FILOHA, FILOHA-LEFITRA, MPITAN-TSORATRY NY BIRAO FANDATSAHAM-BATO RAHA MIHITSOKA NY FANENDREN'NY FIVORIAMBEM-POKONOLONA ?

Ny filohan'ny Delegasiona manokan'ny Fivondronam-pokontany na Firaisam-pokontany, valo (8) andro ahay mialoha ny vaninandron'ny latsabato

IZA AVY NO MAHAZO MIJANONA AO ANATY BIRAO FANDATSAHAM-BATO ?

- Ny mpikambana ao amin' ny Birao Fandatsaham-bato

- Ny solontena Delege roa (2)

- Ny mpanara-maso telo (3) farafahabetsany.

AHOANA NY MOMBAN'IREO SOLONTENA DELEGE IREO ?

Mpifidy voasoratra ao amin'ny lisitry ny mpifidy ao amin'ny Fivondronam-pokontany, na Firaisampokontany ho an' Antanana-rivo Renivohira.

FIRY NY ISAN' NY SOLONTENA-DELEGE ARY IZA NO MANENDRY AZY ?

Isaky Komity Mpanohana dia manendry Solontena Délége tompon-toerana iray ary mpisolo toerana iray. Tsy mahazo miara mipetraka ao amin'ny birao fandatsaham-bato izy roa ireo. Mitondra karatra famantarana miloko MAVOKELY (rose) ny solontena Delege.

AHOANA NY MOMBA IREO MPANARA-MASO IREO ?

Olona tendren'ny fikambanana mikendry ny fanajana ny zon'ny mpifidy ary neken'ny fanjakana amin'ny alalan'ny fanampahankevitra ny Komitim-pirenena momba ny fifidianana. Mitondra karatra famantarana miloko MAVO (jaune) ny mpanara-maso ny Fifidianana.

INONA NO TOKONY HO ENTIN'NY MPANARA-MASO ?

Ny Mpanara-maso tsirairay dia tsy maintsy mampiseho amin' ny Filohan' ny Birao fandatsaham-bato taratasy fanendrena avy amin'ny fikambanana voalaza etsy ambony ary misy sonia voamarina ara-panjakana ny Mpanendry sy ny Tendrena.

FITSINJARANA ISAM-PARITRA : DECOUPAGE ELECTORAL

Voatsinjara ho faritra maromaro i Madagasikara mandritra ny fotoam-pifidianana. Ka ao anatin'ny faritra iray dia ahitana birao-fandatsaham-bato maromaro. Amin'ny ankapobeny dia isaky ny Fokontany dia misy birao fandatsaham-bato iray itsinjarana izany ho birao fandatsaham-bato maromaro.

FEPETRA MANDRITRA NY FOTOANA FAMPIELEZAN-KEVITRA

IZA AVY NO AFAKA MANAO FAMPIELEZAN-KEVITRA ?

Fikambanana na fivondronan'olona nanao fangatahana ara-dalàna ho amin' izany.

RAHOVIANA NO MIFARANA NY FAMPIELEZAN-KEVITRA ?

24 ora alohan'ny vaninandron'ny latsabato.

INONA AVY NO ZAVATRA TSY AZO ATAO AMIN'NY FAMPIELEZAN-KEVITRA ?

- Ny FAMPIASANA FITAOVAM-PANJAKANA :
 - Fiarakodia • Fiaramanidina • Mpiasa • sns ...
- Ny FAMETRAHANA AO AMIN'NY BIRAOM-PIFIDIANANA
 - Peta-drindrina • Soratra mirakitra fampielezan-kevitra
- Ny FAMPIASANA PETA-DRINDRINA MILOKO FOTSY
- Ny FAMETRAHANA PETA-DRINDRINA VAOVAO AORIAN'NY ANDRO SY ORA IFARANAN' NY FAMPIELEZAN-KEVITRA
- Ny FANAOVANA FITOKANANA SY FIHETSIKETSEHANA OFISIALY
- Ny FANAOVANA FAMPIELEZAN-KEVITRA AMIN' IRETO TOERANA IRETO :
 - Toeram-pivavahana • Toeram-piasana
 - Biraom-panjakana
 - Biraom-pifidianana • Toby miaramila
- Ny FANERENA MIVANTANA NA ANKOLAKA :
 - Tsitsika • Fifantàna • Tangena
- Ny FANAMPARAM-PAHEFANA ATAON'NY MPITONDRA :
 - Fanjakana • Fianganana • Fomban-drazana

**INONA AVY IREO ZAVATRA TOKONY HO TSINJARAINA MITOVY
TSARA AMIN'IREO MPIFANINANA ?**

- FAMPIELEZAM-PEOM-PIRENENA • FAHITALAVITRA NASIONALY • FAHITALAVITRA FARITRA
- TRANOM-PANJAKANA (tranom-pokonolona)
- TOERANA AN'NY FANJAKANA (kianja fanatanjahan-tena)
- TAKELAKA (PANNEAUX) FAMETAHANA PETA-DRINDRINA

AHOANA NY ENDRIK'IO TAKELAKA IO ?

- Mizara mitovy tsara amin'ny Fanjakana sy ny Mpifaninana izy io ka :
- Ny ilany havia indrindra no an'ny FANJAKANA (Ofisialy)
- Ny ilany havanana no an'ny Mpifaninana
- *Marihana fa ny haben'ny petadrindrina dia tsy tokony hioatra ny 56 x 90 sm.

IZA NO MIANTOKA NY FANAOVANA NY TAKELAKA ?

- Ny FANJAKANA no miantoka ny FANAMBOARANA sy ny FAMETAHANA io TAKELAKA io.

LISTRY NY MPIFIDY

IZA NO MANAO AZY ?

- Ny Filohan' ny Delgasiona Manokan' ny Fivondronana no mamoa ny lisiry ny Mpifidy, efara (4) andro feno mialoha ny andro hanaovana ny fifidianana.

TARATASIN-DATSABATO SY VALOPY

Mba afahan' ny olona mancho ny safidiny dia tsy maintsy misy taratasin-datsa-bato izay hahitana ny MPIFANINANA REHETRA eo ambonin' ny LATABATRA ary koa ny VALOPY izay HAMPIDIRAN' NY MPIFIDY ny TARATASIN-DATSA-BATO hiantefan' ny SAFIDINY.

IZA NO MIANTOKA NY FANONTANA PRINTY IREO TARATASIN-DATSA-BATO IREO ?

- Ny FANJAKANA no miantoka ny FANONTANA PRINTY : ny TARATASIN-DATSA-BATO REHETRA na an' IZA na an' IZA
- ny valopy manga (bleu)
- ny bileta ENY manga volondanitra (bleu ciel)
- bileta TSIA volomparasy (violet)

IZA NO MIANTOKA NY FITATERANA SY NY FAHATONGAVAN' NY TARATASIN-DATSA-BATO REHETRA SY NY VALOPY ANY AMIN' NY BIRAO FANDATSAHAM-BATO ?

- Ny FANJAKANA.

MANDRITRA NY ANDRO FANDATSAHAM-BATO

Ny ALAROBIA 19 AOGOSITRA 1992 no VANINANDRON' NY LATSABATO. MISOKATRA AMIN' NY 7 ORA MARAINA ARY MIAFARANA AMIN' NY 6 ORA HARIVA RAHA TRATRA AORIANA INDRINDRA.

BIRAOM-PIFIDIANANA

AIZA NY TOERANA TSY MAINTSY MISY AZY ?

- Tsy maintsy amin' ny tranom-panjakana no hanaovana ny Birao fandatsaham-bato

RAHA TSY MISY NY TRANOM-PANJAKANA EO AMIN' NY FOKONTANY ?

- Mampandre ny Filohan' ny Delegasiona Manokan' ny Fivondronampokontany ny tompon' andraikitra ny Comité Local de Sécurité (CLS) mba afahany mandray ny fepetra mikasika izany.

AIZA AVY NY TOERANA TENA TSY AZO HANAOVANA BIRAO FANDATSAHAM-BATO ?

- Ireto avy ny toerana tsy azo anaovana Birao fandatsaham-bato :
 - Fiangonana • Tranon' olona • Toeram-piasana.
 - Tobi-miaramila (caserne)

INONA AVY NO TOKONY HO HITTA AO ANATIN' NY BIRAOM-PIFIDIANANA ?

- Latabatra fandatsaham-bato. Atao talaky mason' ny besinimaro, ka eo aoriany no mipetraka ny mambra ao amin' ny birao fandatsaham-bato. Aoka ho azo aleha ny manodidina ny latabatra.
- Vata fandatsaham-bato iray tsy misy afa-tsy vavany tokana ihany, ary mihidy amin' ny kadanà roa samihafa.
- Efitra fisainana (isoloir) :
Ny fisiany no antoky ny tsiambaratelon' ny latsa-bato ataon' ny mpifidy. Tsy tokony ho taratra aty ivelany ny zava-mitanga ao

anaün' ny efitra fisainana. Isaky ny birao fandatsaham-bato dia tsy maintsy misy efitra fisainana iray isaky ny mpifidy telon-jato (300) voasoratra anarana tokony handatsa-bato.

- Taratasin-datsabato mitovy isa hatrany amin' ny isan' ny mpifidy voasoratra anarana ao anaty lisitra, ary izany dia ho an' ny ENY na ho an' ny TSIA.
- Valopy fandatsaham-bato miloko manga, tsy tanteram-pahazavana, tsy misy dity ahazahoana manidy azy, mitovy karazana avokoa, misy fitomboky ny Fanjakana, mitovy isa amin' ireo mpifidy ao amin'ny lisitra.
- Kopia iray mitondra ny lisitry ny mpifidy ao amin' ilay sokajim-pifidianana voakasik' izany; ary voasonian' ny Filohan' ny Dele-gasiona Manokan' ny Fivondronam-pokontany.
- Latabatra sy seza
- Jiro
- P.V. Carbone, Rejisitra, Lasira, Rano mainty tsy maty vonoina.

INONA IREO FOMBAFOMBA ARAHINA REHEFA HIFIDY ?

Ny Filoha no :

- mamoha ny Birao fandatsaham-bato amin' ny 7 ora maraina farafahatarany
- Misava ny taratasy fahazoan-dàlan' ny Mpitsara mpanampy (Assesseur), ny solontena delege ary ny Mpanara-maso. Amarinin' ny Birao ny valopy fandatsaham-bato, ny vata fandatsaham-bato izay hidian' ny Filoha ny fanalahidy roa, ka izy no mitahiry ny lakile iray fa omeny ny zokiny indrindra amin' ny Mpitsara Mpanampy ny lakile faharoa Marihan' ny Filoha ao amin' ny fitanana an-tsoratra ny ora anombohan' ny latsa-bato :

- Fisavan' ny Mpitsara Mpanampy ny akihibe havian' ny Mpifidy raha efa mitondra marika rano mainty tsy maty vonoina na tsia
- Fisavana ny karam-pifidianana
- Fanamarinana raha ao anaün' ny lisitry ny mpifidy
- Fakana ny taratasin-datsa-bato rehetra sy valopy iray
- Fidirana ao amin' ny efitra fisainana (isoloir)
- Fandatsaham-bato
- Fanamarinana ny karam-pifidianana fa nifidy
- Fanaovan' ny mpifidy sonia na peta-tondro ao amin' ny lisitry ny mpifidy
- Famerenana amin' ny tompony ny karam-pifidianany

- Fanamarihana ny akihibe havia amin' ny ranomainty tsy maty vonoina. Raha toa ka tapaka ny tanan' ilay mpifidy dia ny mpikambana ao amin' ny Biraom-pifidianana no manapaka izay rantsana hasiana marika.

Rehefa mipaika ny amin' ny 6 ora hariva, ireo mpifidy efa tonga ao amin' ny Biraom na milahatra ao an-tokontany dia mahazo mandatsa-bato ihany

FANISAM-BATO

INONA AVY IREO FEPETRA MANDRITRA NY FANISAM-BATO ?

Tsy maintsy atao am-pahibemaso ao amin' ny trano nanaovana ny Latsabato ny fanisam-bato. Azon' ny rehetra hatrehana izany na tsy nifidy tao aza izy. Tokony hilamina ny biraom-pifidianana alohan' ny hanisana ny vato ary vonona ny fitaovana rehetra ilaina amin' izany. Misy ny olona hanisa sy ny handray an-tsoratra ny vokatra. Hamarinina ny mbola tsy nisokafan' ny vata fandatsahambato. Hisaina ny isan' ny valopy tao anatin' ny vata. Hamarinina amin' ny isan' ny olona tonga nifidy, ny isan' ny valopy. Ny isan' ny valopy dia tokony hitovy isa amin' ny olona tonga nifidy izay voamarika ao anaty rejisitra.

Vato manakery = taratasin-datsa-baato iray ihany na maromaro mitovy loko no ao anaty valopy.

Vato fotsy = Tsy misy bileta ao anaty valopy.

Vato maty = rovitra tanteraka ny bileta na misy soratra hafa ; misy bileta maromaro samy hafa loko ao anaty valopy.

Arahina tsara ny fanisana ny vato tsy hisy hifamadika na tsy voasoratra. Tandrovina ny hisian' ny filaminana sy ny fahazavan' ny jiro.

FANAMBARANA AM-PAHIBEMASO NY VOKATRA

INONA AVY IREO FEPETRA EO AMPANAOVANA NY P.V. ?

Rehefa vita ny fanisana dia vakian' ny Filoha ny Biraom-pifidianana am-pahibemaso ny isan' ny vokatra azo (isan' ny tokony nifidy, isan' ny tonga nifidy, ny vato fotsy, vato maty, isa azon' ny ENY, isa azon' ny TSIA).

Rehefa vita izany dia atao peta-drindrina ao ivelany.

FANAOVANA P.V.

Raiketina dika mitovy ao anatin' ny taratasy vita printy omen' ny Fanjakana :

- Ny vokatra rehetra

- Izay zavatra nitranga rehetra nandritra ny fizotry ny raharaham-pifidianana ary ny fanapahana rehetra nataon' ny Birao momba izay zava-nitranga ka ampiarahany amin' ny antony nanaovany azy io.

Misy ireo antontan-taratasy tsy maintsy atao tovan' ny fitanana antoratra ao anaty valopy mihidy :

- Lisitra misy ny sonian' ny mpifidy.
- Taratasy fanisam-bato voasonian' ny mpanisa vato
- Vato fotsy na tsy manan-kery
- Valopy mbamin' ny taratasin-datsabato tsipahina voasonian' ny birao

TSY MAINTSY ATAO SOSONY EFATRA MITOVY FARAFA-HAKELINY

- Iray ho an' ny Filohan' ny vaomiera miandraikitra ny fanisam-bato (miasa eo amin' ny renivohitry ny Fivondronana)
- Iray atao peta-drindrina ao ivelan' ny Birao fandatsaham-bato.
- Iray alefa any amin' ny Filohan' ny Delegasiona manokana any amin' ny Fivondronampokontany.
- Iray ho tahirim-bokin' ny C.L.S.
- Ny solontena -delege tsirairay sy ny mpanara-maso tsirairay ka tonga nanatrika teo tamin' ny fotoana nanaovana ny fisariham-bato mahazo iray avy.

IRETO AVY NY OLONA MANAO SONIA NY P.V.

- Ny Filoha
- Mambra ao amin' ny Birao fandatsaham-bato
- Solontena -delege

AORIAN' NY FANDATSAHAM-BATO

FANAOVANA TATITRA MIKASIKA NY VOKATRA :

AIZA NO HANDEFASANA NY VOKAM-PIFIDIANANA ?

Any amin' ny Filohan' ny Vaomiera miandraikitra ny fanisam-bato eo amin' ny Renivohitry ny Fivondronampokon-tany ary izy no hampita izany any amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

IZA IREO MIANDRAIKITRA NY FITONDRANA NY VOKATRA ?

Ny Filohan' ny Birao Fandatsaham-bato sy ny Filohan' ny C.L.S. Ary manaraka azy ireo hatrany ny Mpanara-maso.

INONA IREO ANTONTA-TARATASY HALEFA ANY ?

- Soson' ny P.V.
- Taratasin-draharaha rehetra nampiasaina tamin' ny asa natao momba ny fitsapan-kevi-bahoaka.

NY AMIN' NY FIFANOLANANA

IZA AVY IREO MANAN-JO AMETRAKA FITORIANA MIKASIKA NY FIFIDIANANA ?

Ny mpifidy rehetra voasoratra amin' ny lisitry ny mpifidy.

AIZA NY TOERANA HAMETRAHANA FITORIANA MIKASIKA NY FIFIDIANANA ?

- Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana (aterina mivantana na atao taratasy tsy very mandeha).
- Fitsarana Ambaratonga voalohany na ny Sampam-pitsarana izay iankinan' ny toerana nadatsaham-bato, na koa iankinan' ny fone-nan' ilay mpangataka.

FIRY ANDRO NY FE-POTOANA FARAFANDRAISANA NY FITORIANA ?

Folo (10) andro katroka aorian' ny fifaranan' ny latsa-bato.

FAMINTINANA : ANDRAIKITRY NY MPANARA-MASO

OLONA AFAKA HO MPANARA-MASO NY FIFIDIANANA

Ny olona rehetra feno 18 taona sy afaka mifidy dia mahazo manara-maso ny fifidianana. Misy kosa anefa ireo mahazo alàlana manokana ahazo hanara-maso sy hivezivezy amin' ny faritra mazava tsara, dia ireo mpanara-maso manana karatra famantarana miloko mavo (jaune).

Ny mpanara-maso dia tsy maintsy olona tomady ara-batana, olona mahafehy tena amin' ny fanajana ny hafa sy amin' ny fanajana ny tenany.

ALOHAN' NY FIFIDIANANA

- Fanatonana ireo manam-pahefana sy loho-olona eo an-toerana
- Fanarahana ny fomban-tany

- Fijerena sy fanamarinana amin' ny ankapobeny ny lisitra sy ny karatry ny mpifidy, fakana ny isan' ny mpifidy ao amin' ny Birao fandatsaham-bato hiadidiana.

- Fanamarinana ireo fepetra rehetra mandritra ny fampielezan-kevitra.

MANDRITRA NY FIFIDIANANA

- Fanamarinana ny fisiany sy ny toerana misy ny Birao fandatsaham-bato
- Fanamarinana ireo fitaovana tokony hisy ao anatin' ny Birao fandatsaham-bato
 - Fijerena ny olona tokony hipetraka ao anatin' ny Birao fandatsaham-bato
 - Fanaraha-maso ny fizotran' ny fifidianana
 - Fijerena ny fampiharana ireo andraikitra tokony hataon' ny tsirairay ao amin' ny Birao fandatsaham-bato
 - Fanaraha-maso ny fanisam-bato
 - Fandraisana ny vokatra araka ny fisy fanaraha-maso
 - Fanaraha-maso ny fandefasana ny vokatry ny fifidianana

ANDRAIKITRA AORIAN' NY FIFIDIANANA

- Fanaraha-maso ny fanambarana am-pahibemaso ny vokatra
- Fanaraha-maso ny fanaovana P.V.
- Fakana sosony iray amin' ny P.V.
- Famenoana ny fisy sy fanaovana tatitra amin' ny ambaratonga isan-tokony (isaky ny Fivondronana dia mandefa avy hatrany aty amin' ny K.I. Nasionaly).
 - Fanampiana ny olona amin' ny fanaovana fitoriana

IREO ZAVATRA NA FIHETSIKA TSY AZON' NY MPANARA-MASO ATAO

- Fitsabahana amin' ny fikarakarana mivantana ny fifidianana
- Fitsabahana amin' ny andraikitry ny Birao fandatsaham-bato ankoatran' ny maha mpanara-maso azy.
 - Manapaka na manakorontana ny fizotry ny fifidianana
 - Fiandiana na fanaratsiana mpifaninana iray
 - Fiantsiana olona.

Fehiny

Adidin' ny olom-pirenena tsy ankanavaka ny fanajana ny lalàna velona mifehy ny fiainam-pirenena. Manana andraikitra manokana amin' izany ny mpanara-maso ny fifidianana. Koa ny fampiharana ara-bakiteny ny toro-marika rehetra araka ny tena zava-misy no anisan' ny antoka voalohany amin' ny fampiharana izany ho fampijoroana ny marina.

Entanina àry ny mpanara-maso rehetra mba hameno ara-dalàna ny fisy (Fiche d'observation) satria avy amin' ny alalan' izany no ahazoana manambara ny tena fizotran' ny fifidianana marina, ho fanajana ny safidim-bahoaka izay tokony tsy ho hadinoina fa hany Andriamanjaka.

Marihina manokana fa tsy maintsy maka P.V.-mpanjakana mirakitra ny fizotran' ny fifidianana isaka ny biraom-pifidianana ny mpanara-maso nahazo fankatoavana. Tsy misy dikany ny fanaraha-maso natao raha sanatria ka tsy naka izany anjara P.V. ho azy izany ny mpanara-maso tsirairay. Aza misalasala mihitsy àry ny mitaky ny anjaranao fa Zonao ny hanana izany ary Adidinao ny maka io P.V. io noho ny Andraikitra maha mpanara-maso ny fifidianana anao.

OLANA METY HITRANGA

| ZAVA-MISEHO | TOKONY ATAO | OLONA TOKONY HANTONINA na AMPANDRE-NESINA | TAHIRI-KEVITRA |
|---|--|---|--|
| <ul style="list-style-type: none"> - Misy tsy marina ny lisitry ny mpifidy - Misy tsy nahazo na diso ny kara-pifidianana | Alaivo ireo anarana tsy ampy na mihoatra, na diso | Fokontany na Firaisana Fivondronana, na Fitsarana | Lisitry ny Mpifidy ; Soram-piakohonana Kara-panondro |
| <ul style="list-style-type: none"> - Tsy misy Biraom-pifidianana - Tsy any amin' ny tranom-panjakana no misy azy | Filazana any amin' ny manam-pahafana eo an-toerana : am-bava; an-tsoratra miaraka amin' ny fanamarinam-paharaisana | Manam-pahafana C.N.E.* MININTER | Lalàna mifehy ny Fidianana |
| <ul style="list-style-type: none"> - Fampiasan' ny mpifaninana fitaovam-panjakana - Peta-drindrina lehibe noho ny ara-dalàna - Fitongilanan' ny fampiasana radio, télévison - Fampihorohorona - Fitokanana ofisialy mandritra ny fampiehelezan-kevitra | <p>Fakana mazava ny anaran' ny olona, fikambanana na antoko misy azy any ny fitaovana nampiasaina (fiara, karazany, lokony...)</p> <p>Fakana ny toerana misy azy, ny refiny, ny votoatiny</p> <p>Fanamarihana ny landaharana, ora, andro, faharetany, ny anaran' ny olona, antoko na fikambanana</p> <p>Fanamarinana ny olona na fikambanana nanao sy niharan' ny fampihorohorona.</p> <p>Fanamarinana ny zavatra notokanana, ny olona nitokana, daty sy toerana</p> | <p>Manam-pahafana any an-toerana C.N.E.</p> <p>Manam-pahafana any an-toerana C.N.E.</p> <p>Manam-pahafana any an-toerana C.N.E.</p> <p>Manam-pahafana C.N.E. MININTER</p> <p>Manam-pahafana C.N.E. MININTER</p> | Lalàna mifehy ny Fidianana |
| <ul style="list-style-type: none"> - Tsy voahaja ny ora fisokafana sy fikatonan' ny B.F. | Miresaka amin' ny Filohan' ny B.F. Soratana amin' ny P.V sy Fisy Fanarahamaso | Manam-pahafana C.N.E. MININTER | Lalàna mifehy ny Fidianana |

| ZAVA-MISEHO | TOKONY ATAO | OLONA TOKONY HANTONINA na AMPANDRE-NESINA | TAHIRI-KEVITRA |
|---|---|--|------------------------------|
| - Tsy ampy na tsy aradalàna ireo fitaovana ilaina ao amin' ny B.F. | Fandraisana lisitra ireo fitaovana tsy ampy na tsy aradalàna, ora, daty, toerana | B.F.* Manam-pahafana MININTER | Lalàna mifehy ny Fifidianana |
| - Misy fandrahonana na lanerena ny mpihidy | Firesahana mora sy am-panajana amin' ireo olona manao izany | Manam-pahafana C.N.E. MININTER ZANDARIMARIA | Lalàna mifehy ny Fifidianana |
| - Olona manana karatra maromaro, tsy manana kara-pifidianana. Tsy manao sonia ny rejisitra - Mikorontana ny B.F. | Firesahana amin' ny Filohan' ny B.F. Firesahana amin' ny Filohan' ny B.F. | Manam-pahafana any an-toerana C.N.E. B.F. Manam-pahafana MININTER - C.N.E. | Lalàna mifehy ny Fifidianana |
| - Tsy aradalàna ny fanisam-bato - Tsy ampahibe-maso ny fanisana | Firesahana amin' ny Filohan' ny B.F. Soratana amin' ny P.V. sy ny Fisy fanaraha-maso | B.F. | |
| - Tsy aradalàna ny fanaovana ny P.V. | Firesahana amin' ny Filohan' ny B.F. Soratana amin' ny Fisy fanaraha-maso | B.F. | |
| - Tsy natao peta-drindrina ny vokatra | Firesahana amin' ny B.F. Soratana amin' ny Fisy fanaraha-maso sy P.V. | B.F. | |
| - Tsy mitovy ny isan' ny valopy sy ny isan' ny olona tonga nifidy - Olona hafa | Fanamarinana ao anaty P.V. sy Fisy fanaraha-maso. Ankinina amin' ny fahitan' ny mpanara-maso | B.F. Manam-pahafana C.N.E. MININTER - B.F. | |

* C.N.E. : Conseil National Electoral na Filan-kevim-pirenena momba ny Fifidianana

* B.F. : Biroa Fandatsaham-bato